# Rafi-tantara, Tapany 2

Taorian'ny lesona iray nandritra ny institiota momba ny fanambadiana mandrakizay dia samy nahatsapa i Luis sy i Emma fa mila manova zavatra ary mitoky kokoa amin'ny Tompo. Rehefa tonga tao amin'ny kilasin'ny Institiota i Luis dia nipetraka teo akaikin'i Emma ary nampahafantatra ny tenany. Lasa mpinamana be izy ireo rehefa nandeha teny ny fotoana. Nanomana karazana fiaraha-mientana maro izy ireo mba hahafahany manana fotoana hiarahana sy hifankafantarana. Rehefa nandeha teny ny fotoana dia lasa nitombo ny fifankatiavan'izy ireo.

Na izany aza dia nanana olana i Emma. Manana lisitrana toetra tiany ho hita eny amin'izay ho vadiny izy. Ananan'i Luis ny ankamaroan'ireo toetra ireo saingy tsy izy rehetra.

Nanomboka nahatsapa ho tsy nilamin-tsaina koa i Luis. Tiany i Emma saingy rehefa nahita ny faharavan'ny fanambadian'ny ray aman-dreniny manokana izy dia matahotra ny hanao fahadisoana amin'ny fisafidianana izay tokony ho vady. Nandinika amim-pitandremana ireo zavatra rehetra nianarany mikasika an'i Emma tamin'ireo fifampiresahana sy zavatra niainan'izy ireo niaraka izy. Mahatsapa izy fa mitovy ny tanjon'izy ireo ary te hangataka an'i Emma ho vady azy izy saingy mbola misy zavatra maromaro tsy fantatra. Nivavaka izy mba handraisana famantarana raha toa ka i Emma no safidy mety aminy. Mbola tsy misy zavatra nitranga hatreto.

- Diniho ny zavatra nianaranao tao amin'ny fizarana 2 ao amin'ny tahirin-kevitra hoenti-manomana ny fotoam-pianarana. Inona no mety hanampy an'i Emma amin'ny zavatra jereny eo amin'izay olona mety ho vady? Inona avy ireo olana atrehantsika rehefa ambony loatra na ambany loatra ireo zavatra andrasantsika eo amin'ireo olona mety ho vady?
- Inona no mety hilain'i Luis mba hahatakarany ny momba ireo tahotra ananany? Inona no mety hilainy mba hahatakarany ny fomba fandraisana fanambarana? (Azonao atao ny mamerina mijery ny fizarana 3 ao amin'ny tahirin-kevitra hoenti-manomana ny fotoam-pianarana
- Inona no atrikasa na traikefa afaka manampy olon-droa hampitombo finamanana sy hamantatra kokoa ireo toetra tsara ananan'izy ireo sy ny maha-izy azy ireo ary ny soatoavina ananan'izy ireo? Inona no iray na roa amin'ireo toetran'ny Mpamonjy izay antenainao mba hananana eo am-piomananao hanambady na eo am-panohizanao ny fanambadianao?



© 2022 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.